FAMPIANARANA SORATRA MASINA
1 PETERA 2 . 21 - 25

**Fitarihan- teny**

Nanoratra hoan' ny kristiana miparitadritaka etsy sy eroa tao amin' ny fiangonana tao Azia Minora i Petera; dia kristiana heverina ho vao vita batisa tsy dia ela ; ka kendreny hanehoana ny vokatra pratikan' ny fiainan' ny finoana , sy ny fanao tokony haseho manoloana ny fizahan- toetra sy ny fijaliana. Vao nateraka indray izy ireo ( 1.3, 23; 2. 2 ); ka dia manana adidy hiaina amin' ny fomba mifanentana amin' ny fiantsoana voarainy, dia ny fitondran- tena tsara ( 1. 15, 17 - 18; 2. 12 ; 3. 1 - 2, 16 ).

Tonga zanak' Atra izy ireo teo amin' ny batisany. Tsitoha Atra, ka azo ametrahana fitokisana ( 4. 19 ); masina, tokony hotahafina ( 1. 15, 16 ). Ray Izy, koa dia tokony ho mendrika ny fitondrana ny anarany ireo zanany ( 1. 17 ); ary ny amin' ny nanendreny mialoha ny lahatr' ireo zanany dia anton- javatra tokony hananany toky ( 1. 2 ) .

Jesosy Tompo tenany, dia tsy nanana ota, ary vonona ny hiaritra tsy misy fetra : ohatra halain-tahaka hoantsika izany ( 2. 21 - 24 ). Maty sy nitsangana hoantsika Izy: noho izany, dia tokony hofaty ny amin' ny ota, ary hiaina amin' ny herin' ny fitsanganany isika ( 2. 24 ; 4. 1 ) . Nahatanteraka ny asam-pananganany ny Tompo( 1. 18, 19 ), ny fampihavanana, ny raharaham- pisoronana fanesoran- keloka sy fisoloana ( 3. 18 ) ; ary dia amin' izany rehetra izany no nanendren' ny fitiavan' ny rainy ny mino ( 1. 20, 21 ). Izany toe- javatra izany ny fototra iorenan' ny finoana sy  ny fanantenana; no fampirisihana koa hoamin' ny fahamasinana sy ny fitiavana ( 1. 21, 22 ) .

Voatambatra ho iray ao amin' ny fiangonan' Atra ireo mino; ary dia manana anjara ao izy hatreo amin' ny fahaterahany indray ( 2. 2 - 5; Ampit. 1. 22, 23 ). Tempolin' Atra ny Fiangonana, miombona amin' i Kristy, Izay fototra. Araka ny maha- izany azy, dia mpandova an' ireo fitahiana rehetra nampanantenaina an' Israely izy ( 2. 9, 10 ) .Andraikitra roa no mipetraka aminy, dia ny hanompo an' Atra, sy ny mijoro vavolombelona manoloana ny olona ( 2. 5, 9 ). Masina ny ministerany , ary dia ipetrahan' ny andraikitra hatreo am- piandohana izy ( 5. 1 - 4 ) . Mambra feno anatin' izany fiombonana izany ny mino tsirairay .

Ampahatsiarovin' i Petera fa tsy mba lavitra i Kristy tsy hita maso, ary dia tarihiny ny sain' ireo kristiana amin' ny voninahitra izay hiarahany hanana anjara Aminy rehefa miverina Izy ; Io no fahatanterahana fenon' ny famonjena sy ho fandraisana feno ny lova nampanantenaina ( 1. 5 ) , dia ny fotoana izay hampitafiana voninahitra amin' izay ny finoana ( 1. 7 ; 4. 13 ), hanehoana ny fahafenoan' ny fahasoavan' Atra ( 1. 13 ), hizarana ny voninahitr' i Kristy ( 5. 1 ), ary hanomezana valisoa ny fanompoana mahatoky natao ( 5. 4 ) . Fampirisihana lehibe hiainana amin' ny fahamasinana sy ny amin' ny hitantanana tsara izay efa napetraka ho andraikitsika ety ambany  io fiandrasana ny fiverenany io ( 4. 7 - 11 , 17, 18 ) .

Tsy mbola fanenjehana faobe ataon' ny fanjakana izao mihatra amin' ny kristiana ankehitriny izao; fa ny nataon' ny fiaraha- monina jentilisa ihany. Nampangainy ho mpanao ratsy isan- karazany ireo kristiana ireo; fa dia niafara ihany anefa teo anatrehan' ny fanjakana ny raharaha  ( 4. 12 - 16 ). Nolatsaina izy ireo, ary nendrikendrehina sy nampahoriana tamin' ny fomba maro samihafa ( 2. 12 - 20; 3. 9, 14, 16; 4. 4, 14 ).

Manoloana ny fahoriana iaretan' ny kristiana, dia asongadin' i Petera ny fanantenana sy ny toetra haseho manoloana ny fijaliana . Niteraka antsika indray hoamin' ny fanantenana velona Kristy ( 1. 3 ). Manampy antsika hiaina hanome anton- javatra ny fiainantsika izany; ary dia miroso mihoatra ny fahafatesana, izay idonan' nyfanantenan' ny velona sy tonga sakana hoazy . Izany fanantenana izany, dia mifamatotra amin' ny fandresen' i Kristy ny fahafatesana tamin' ny lasa ( 1. 21 ; 3. 22 ), amin' ny fiveranany amim- boninahitra tsy hoela ( 1. 13 ) , sy ny amin' ny itoerany ankehitriny eo ankavanan' ny Rainy ambonin' ny fahefana sy fanapahana rehetra ( 3. 22 b ) .

Be ny soa sy fitahiam- pamonjena azon' ny kristiana avy tamin' ny famonjen' i Kristy azy. Izany harem- pamonjena azony izany, dia miteraka fanantenana ao anatiny, mitondra fifaliana manoloana ny sarotra rehetra atrehiny; satria ny anton' ireo fitsapana rehetra mahazo azy ety an- tany, dia ny hamoaka izay tena marina misy amin' ny finoana izay ao anatintsika ( lire 1. 3 - 9 ).
Faly miaina ao anatin' ireo fahasarotana rehetra atrehiny ireo ny mino; fa nateraka indray ao amin' ny fahasoavan' Atra, voatahiry ao amin' ny heriny tsitoha; miandry ny fiverenan' i Kristy izay hanafaka azy amin' ny andro farany .

Ilaina noho izany, ny fizahan- toetra ( 1. 6 - 7 ) ary zavatra tsy atao mahagaga izany ( 4. 12 ). Tsy

mahatohitra ny fifaliantsika izany; satria hiafara amin' ny fiderana, laza sy voninahitra eo amin' ny fiverenan'  i Jesosy Kristy. Koa aoka hofinaritra ny kristiana izay mijaly tsy ara- drariny, hoy Petera, ( 3. 13 - 17 ); satria mandray anjara amin' ny fahorian' i Kristy izy, ary ny Fanahin' ny voninahitra mitoetra ao aminy ( 4. 13 - 14, 19 ) .

Tian' i Petera araka izany ary ny hampahery an' ireo kristiana hijoro tsara manoloana ny fitsapana izay mananontanona azy ; ary dia fampaherezana sy fampirisihana no ataony . Mitombona sy miorina tsara ny fahasoavan' Atra nanendrena azy ( 5. 12 ); fa tsy misy tokony hampiroaroa saina . Kendreny ny hisainan' ireo kristiana ireo tsara fa tsy diso lalana na diso fiheverana akory izy amin' izao toe- javatra iainany sy andalovany izao. Tena ao amin' ny fahasoavan' Atra nampilazaina mialoha an' ireo mpaminany ry zareo ( 1. 10 ), raha zakainy tsy misy lonilony ireo fampahoriana mihatra aminy ( 2. 19 ); raha ny fahamarinana no antony iaretany ( 3. 14 ), fa tsy noho ny ratsy nataony; dia amin' ny fanaovana izay tsara ( 2. 20 ); satria ny lalan' i Kristy no andehanany ( 2. 21 - 23; 4. 1 ) . Raha mandray anjara amin' ny fijaliany ianareo, hoy izy ( 4. 13 ), dia hahazo anjara koa amin' ny voninahiny ( 1. 7 - 9 ) . Mifalia ary ianareo, raha mijaly toy izany ( 4. 14 ), ary omeo voninahitra amin' izany Atra ( 4. 16 ) . Hatolotr' Atra feno anareo ny fahasoavany eo amin' ny fiverenan' i Jesosy Kristy ( 1. 13; 3. 7; 5. 10 ) .

Hery mamelona ny fiainana kristiana ny fanantenana.  Manohana ny kristiana eo amin' ireo fitsapana mahazo azy izany ( 1. 6 ); ary dia mamelona aina azy ao amin' ny fahamasinana ( 1. 13 man.; 2. 11 m&n. ) .

Fijaliana sy fanantenana no hevi- dehibe roa misongadina hatrany hatrany ao amin' ity epistily ity. Afaka handresy ao amin' ny fitsapana mahazo azy ny kristiana. Koa dia tiany hampahafantarina an' ireo rahalahy ao Azia Minora sy porofoiny aminy izany . Fiainana efa nandalobany sy niainany hatreo amin' ny nananganan' i Kristy Tompony azy taorian' ny nanangananany azy indray, taorian' ny nahalavoany tamin' ny nandavany Azy teo amin' ny fanamborana an' i Kristy izany. Efa nanenina sy nibebaka, ary voavela heloha izy; ka dia mahatsapapa sy miaina izany aina velona avy amin' Ilay maty sy nitsangana hoazy izany izy .

Eto amin' ny teksta anjarantsika hovelabelarina izao, dia ny 1 Pet. 2. 21 - 25, izay ao anatin' ny fizarana faharoan' ny epistily, dia ny 2. 13 - 3. 12 , - manoritra ny amin' ny tokony haneken' ny mino, manoa, manaja ny toeran' ny tsirairay -, ny voalaza ao .

Koa, raha ny momba ny fanovana an' ireo mpitondra ara- panjakana no voaresaka tao amin' ny 2. 13 - 17; ny fanoavana ao amin' ny fanambadiana ny ao amin' ny 3. 1 - 7; ny fanoavana eo amin' ny fiainana manontolo, ao amin' ny 3. 8 - 12; dia ny momba ny fanoavana manoloana ny fampijaliana tsy ara- drariny indray no hitantsika ao amin' ny 2. 18 - 25 misy ny anjarantsika hazavaina eto.

Jesosy tenany no modely halain- tahaka eto, araka ny efa nosoritantsika tery ambony . Raha iverenana izany, dia izao no nolazaina: Tsy nisy ota nahameloka Azy Jesosy; nefa nanaiky natao ho meloka Izy ka hovoaheloka sy hovoahombo aza amin' ny toeran' ny hafa; ohatra halain- tahaka hoantsika izany ( 2. 21 - 24 ) . Maty sy nitsangana hoantsika Izy : izany koa dia mitarika sy mitondra antsika hofaty ny amin' ny ota sy hovelona amin' ny hery sy fahefan' ny fitsanganany tamin' ny maty ( 2. 24, 4. 1 ) .

Vavolombelon' i Kristy eto amin' izao tontolo izao ny mino. Ny tena tanindrazany, dia any an- danitra. Vahiny sy mpivahiny mandalo ihany izy eto an- tany ( 1. 1, 17; Heb. 11. 13 ) . Amin' ny fitondran- tena asehony eto an- tany, dia ampihariharihariany fa tsy mametraka ny lanja sy faniriany ny amin' ety ambany izy; fa mponin' ny tanàna tsara lavitra noho ny eto. Ka dia ekeny ny fiforetana sy fandeferana manoloana izay mandalo sy vetivety; satria manantena izay tsara lavitra isian' ny fahamarinana sy tena fiainana izy. Hitondra tena tsara izy eto; manaiky ny fitakian' ny fandaminana rehetra apetraky ny fiaraha- monina . Olona tena afaka ihany anefa izy; fa miaina eto an- tany izy araka ny maha- mpanompon' Atra azy manao izay irin' ny Tompony hataony; fa tsy ny sitrapony intsony no ivelomany, fa an' izay efa nijaly sy maty, ary nitsangana nanavotra azy. Olom- boavidy araka izany izy; miaina amin' ny sitrapon' ny Tompony izay marina, tsara, sy be fahasoavana.

Mahatsapa ireo kristiana fa tokony hanaja ny olona mifanila aminy izy; fa maty hoan' ireo koa Kristy; fa azo antenaina hovoatsangana hitafy indray ny endrik' Atra koa izy ireo; na dia eo amin' ny samy mino aza anefa no tokony hiantefan' ny fifankatiavana ambony sy fifanasoavana, araka ny maha- samy olona mino.

Eto amin' ny and. 18 - 25 misy ny anjarantsika eto, dia ahitana kilasin' olona roa ao amin' ny fiaraha- monina grika; dia ny tompo sy ny andevo, izay anomezan' i Petera toro- lalana ny mino. Tsy mora hoan' ny kristiana, olona afaka, izany toe- javatra izany; dia ny iaretany fampahoriana samihafa. Mety ho antonontonona ihany ny zavatra iaretany, raha sendra tompo tsara izy; fa raha olona ratsy fanahy iaretany ny tsy rariny samihafa, dia tena mangidy tokoa. Nefa antsoin' i Petera ny mino tratran' izany, mba hanaiky,

mba hahazoany sitraka amin' Atra. Ary izany fikirizana manao ny tsara sy faharetana misedra fahoriana izany mihitsy aza no fiantsoana azon' ny kristiana; satria miray sosona amin' ny fiombonany amin' ny fahorian' i Kristy izany ( Ampit . Filip. 3. 10 ). Soritan' i Petera eo ny fahorian' Ny Tompo niaritra ny mafy tamin' ny toeran' izy ireo ho tombotsoany manokana.
Marihintsika tsara ny andininy 13 manao hoe: " Ary noho ny Tompo " . Raisin' i Petera sy tsarovany eo ny fampianaran' i Jesosy araka ny Mat. 22. 21 , manao hoe : " Aloavy hoan' i Kaisara izay an' i Kaisara, ary an' Atra izay an' Atra " .
Ary marihintsika koa ny voalazan' ny and. 19 manao hoe: " noho ny fieritreretana ny amin' Andriamanitra" . Noho ny fahalalana an' Atra , ao an- tsain' ny kristiana fa fantatr' Atra sy tsapany ny fahoriana manjo azy, ary koa miara- mitondra izany fahoriana izany aminy koa Izy . Angamba tao an- tsain' i Petera eo ny tenin' i Jesosy ao amin' ny Mat. 5. 11 man., 46man.; Lk. 6. 22man., 32 - 35; Jao. 15. 18 - 21.
Araka ny and. 21, dia nantsoina ny kristiana hiaritra sy handefitra toy ny nataon' i Kristy ( Ampit. Mk. 14. 61, 65 ; 15. 29 ; Jao. 19. 1 - 9 ) . Expliquer ( ao io Mpamonjy, sy Mpiandry ondry maty noho ny fahotantsika io: tiany mba hijery sy hiverina Aminy isika , ary maty amin' ny fahotantsika isika dia hiaina hoan' ny fahamarinana ) .